# NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO

*Ny gazetin'ny fiompiana trondro eto Madagasikara*
*May 2016 - n° 31 - Mivoaka isaky ny telo volana*

APDRA
PISCICULTURE PAYSANNE

## *Lohahevitra :* NY FIVAROTANA



NY TSENAN'NY
# TRONDRON-DRANOMAMY ETO ANALAMANGA
Azon'ny mpamokatra trandrahana tsara (P. 7)




**FAMOKARANA «CAVIAR» AMIN'NY FOMBA AVO** LENTA (P. 2)



**KAOPERATIVA FIFIMPAVA «Mifototra amin'ny fitazonana mpanjifa ny paikady fivarotana»**
(P. 5-6)

**FOMBA FITANTANANA VAROTRA AO ITASY**
(P. 4)



**Fanofanana fiompiana trondro an-tanimbary**
**MIDITRA AMIN'NY FAMPIHARANA NY MPIANATRA** (P.2)



afd
AGENCE FRANÇAISE DE DÉVELOPPEMENT

Financé par l'Union européenne

REGION AQUITAINE

RÉGION NORMANDIE

## SASINTENY

Ry mpamaky hajaina,

An-kafaliana lalandava no anoloranay anareo ity laharana vaovao ity. Mino izahay fa nanampy ireo mpanatavy trondro ihany koa ny gazetintsika farany.

Amin'izao fotoana izao dia eo am-piotazana sy fivarotana trondro ny mpiompy. Izany indrindra no nahatonga anay hisafidy ny **«Fivarotana»** ho lohahevitra amin'izao laharana izao.

Hampahafantarinay anareo ny momban'ny tsenan'ny zana-trondro manerana ireo faritra iasan'ny APDRA, ny tsenan'ny trondron-dranomamy ao Analamanga ary ny fomba fitantanana varotra ataon'ireo mpiompy trondro ao Itasy. Ny fanadihadiana ny filohan'ny Kaoperativa FIFIMPAVA Vakinankaratra kosa dia haneho amintsika ireo paikady fivarotana ampihariny. Ho hita ato ihany koa ireo fivoaran'ny vaovao momban'ny fanofanana mpianatra amin'ny fiompiana trondro an-tanimbary ao Matsiatra Ambony, ny famokarana «caviar» eto Madagasikara.

Mirary anareo hahazo fy eo am-pamakiana ny gazetintsika ary manome fotoana anareo sahady ho amin'ny laharana manaraka.

**Ny ekipan'ny FMT**

# INONA NO VAOVAO ?

### Fanofanana an-tsekoly : fiompiana trondro an-tanimbary

## MIDITRA AMIN'NY FAMPIHARANA NY MPIANATRA

Mpianatra miisa 2082 ao amin'ny kilasy fahaenina sy fahadimy ao amin'ny faritra Matsiatra Ambony no efa manao fampiharana. Ny volana febroary ka hatramin'ny tapaky ny volana martsa no nampidirana ny trondro tao an-tanimbary. Nahatratra 2527 ny isan'ny zana-trondro nalefa tao anatina velarana mirefy 1,36 ha raha atambatra.

Ny mpianatra ihany no mikarakara ny fiompiana hahaizany mampihatra izay fahalalana nomena tany an-dakilasy.




*Mpianatry ny CEG Isorana manao fampiharana miaraka amin'ny DREN Matsiatra*

Nanampy tamin'ny fanatontosana io tetikasa fampiharana io koa ny mpampianatra sy ny ray aman-drenin'ny mpianatra. Azy ireo ny tanimbary nampiasaina ary mandray anjara amin'ny fanaraha-maso ihany koa izy ireo. Mbola ny ray amandreny koa no nanome ny zezika fanamasahana sy sakafo (faikan-tsakafo, apombo) ho an'ny trondro ho anjara biriky.

Ankoatra izay, hisy fanentanana miendrika fifaninanana hanomezana valisoa ho an'ireo mpianatra mahay ny fiompiana trondro an-tanimbary indrindra isaky ny sekoly.

### Fitsidihana ny orinasa Acipenser

## FAMOKARANA «CAVIAR» AMIN'NY FOMBA AVO LENTA

*Nitsidika ny toeram-piompian'ny orinasa Acipenser ny ekipan'ny APDRA eto Madagasikara, ny talata 26 febroary 2016, tao anatin'ny fivoriana fanaony isan-taona, tsy lavitra an'i Mantasoa.*

Ny APDRA dia mampiasa modely fiompiana an-dobo sy antanimbary eny anivon'ny tantsaha eto Madagasikara. Tsapany anefa fa ilain'ny mpiasa ao aminy ny mahita fomba fiompiana avo lenta.




*Ny «esturgeon» no ahazoana «caviar»*

Acipenser no orinasa tokana manao izany fomba fiompiana izany eto Madagasikara. Mamokatra atodina «esturgeons» atao hoe «caviar» izy. Any amin'ny tontolon'ny fikirakirana sakafo eran-tany no be mpankafy io vokatra io. Mitentina 300 € izao ny vidin'ny «caviar» milanja 25 grama (febroary 2016). Avy tamin'ny anarana siantifikan'ilay trondro ompiany ihany ny anarana fiantsoana ilay orinasa *(Acipenser baeri sy Acipenser gueldenstaedtii).* Tsapan'ny ekipan'ny APDRA tamin'io fitsidihana io fa tena samy hafa tokoa ny fiompiana atao miaraka amin'ny tantsaha sy ny fiompiana avo lenta mitodika amin'ny fanondranana.

### Lava ny fotoam-piompiana

Amin'ny 2017 no vinavinaina hisian'ny fanondranana «caviar» voalohany rehefa manatody ireo «esturgeons» andiany voalohany nompiana. Lava nohon'ny an'ny tilapia sy karpa ny fotoam-pamokarana : hatramin'ny 6 taona no ilain'ny «esturgeons» ahafahany mamokatra atody. Ny taona 2012 no nanombohan'ny orinasa nametraka toeram-pamokarana tsy lavitra an'i Mantasoa. Isan-taona dia manafatra atodina «esturgeons», ilainy amin'ny fiompiana, avy any Frantsa sy Rosia ny orinasa.

### Fomba fiompiana avo lenta

Hitan'ny ekipan'ny APDRA fa tena avo lenta tokoa ny foto-drafitrasa notsidihina : ampiasana rano tsy an-kiato avy ao Mantasoa ny dobo, fehezina ireo singa ara-teknika toy ny hazavana, famatsiana oksizena, hafanan'ny rano sy ny harikiviny sns. Ireo singa ireo ihany anefa no tantanan'ny mpiompy eny ambanivolo, na dia samy hafa aza ny fomba fiompiana.

### Famahanana miavaka

Tahaka ny fomba fiompiana eny anivon'ny tantsaha dia mila famahanana ny «esturgeons». Any amin'ny nosy Maurice aloha no afarana ny sakafon'ny trondro saingy efa manandrana mamokatra ho an'ny filàna eto an-toerana ny orinasa ankehitriny. Raha alaina avy amin'ny toeram-piompiana ihany ny sakafontrondro (vary, apombo, faikan-tsakafo, sns.) ho an'ny tantsaha, ny an'ny «esturgeons» kosa dia ahitana «crustacés» voatoto sy vaingan-tsakafo madinika nafangaro.

# INONA NO ANTONY MANOSIKA NY MPIOMPY HIVAROTRA TRONDRO ?

*Antony maro no mahatonga ny mpiompy hivarotra ny trondrony. Amin'ny ankapobeny, mifandray amin'ny filàn'ny fianakaviana sy ny fanatanterahana fomba mampiavaka ny faritra tsirairay ny fanapahan-kevitra hivarotra.*

## Amoron'i Mania

**RANDRIANANTENAINA Jean Philemon** *mpamokatra zanatrondro sady mpanatavy, monina ao Ivato Centre, fokontany Ampanafanana*

« Manampy anay amin'ny fandoavana ireo fandaniana amin'ny fampidirana mpianatra ny fivarotana trondro. Mahavonjy ihany koa ny vola azo avy aminy rehefa misy fandaniana ara-pitsaboana.

Ankoatra izay, ahafahanay mividy akanjo amin'ny andro lehibe toy ny fetin'ny Fahaleovan-tena sy ny faran'ny taona ny vidin-trondro.

Ny fivarotana trondro lehibe toy ny karpa no ahafahana mividy ireo zavatra ilaina amin'ny andavanandro. Mora kokoa ny miompy karpa satria tsy mandany vola no tsy mora andairan'aretina. Amidiko mivantana amin'ny mpanao irakely ny karpa na entiko eny amin'ny tsenan'Ambositra ka 8 000 Ariary no ivarotako ny iray kilao.




*Philemon, manazava ny tombontsoa azo amin'ny fivarotana trondro*

Mikasa ny hanitatra ny fiompiana trondro aho amin'ity taona ity. Tsapako fa azo ifotorana sy mahavelona tsara io asa io. »

## Itasy

**RAFALINIRINA Mamitiana,** *Ambohimanana Soavinandriana*

« Ireo adidy maro amin'ny fotoanan'ny maintany toy ny famadihana sy ny fanasana isan-karazany no mahatonga anay hivarotra trondro. Aleonay mivarotra trondro satria tsara kokoa ny vidiny miohatra amin'ny vary. Tsy miovaova fa manodidina ny 7 000 ka hatramin'ny 9 000 Ariary ny vidiny noho izahay lavitra tanàn-dehibe. Tsy mba tahaka izany kosa ny an'ny vary.

Ankoatra izay, mora amidy kokoa ny trondro. Tsy mila mankany an-tsena izahay fa eto an-toerana ihany dia mahalafo».

**RAZAFINDRIANASOA Angel Josephine** *sy* **Rakoto** *vadiny*, *mpamokatra zana-trondro sy mpanatavy karpa, Kaominina Ambatoasana, distrika Soavinandriana Itasy*

« Mivarotra trondro izahay rehefa hampiditra mpianatra. Efatra ny zanako no mianatra eny Ankadinondry Sakay kanefa izahay eto Ambatoasana no mipetraka. Mifanalavitra be ireo toerana ireo ka voatery izahay mandany vola be. Isaky ny fidirana, tsy maintsy vidina ny fitaovam-pianarana, aloa ny saram-pidirana. Ny vidin-trondro ihany no ahafahanay mandoa ireo rehetra ireo. Izahay rahateo moa tsy mba manana fidiram-bola ankoatra ny fambolena sy fiompiana.

Sady mampidi-bola ny fiompiana no ahafahanay mihinana trondro matetika. »




*Rakoto sy Joséphine miara-mikarakara ny dobony*

## Antsinanana sy Analanjirofo

Mivarotra trondro ihany koa ny mpiompy amin'ny faritra Antsinanan'i Madagasikara rehefa mila vola hanaovana asa momba ny fambolena sy fiompiana (fividianana masomboly, biby ampiasaina, zezika sy fanafody), ilaina amin'ny fianarana, handoavana ny lany amin'ny fety isan-karazany.

Na izany aza dia fotoana roa ao anatin'ny taona no tena fandritan'izy ireo dobo ka ivarotany ny trondrony. Manodidina ny fetim-pirenena, volana jona, sady mifanaraka amin'ny fiakaran'ny vary asotry ny fotoam-pivarotana voalohany.

Ny fotoam-pivarotana faharoa dia mifanaraka amin'ny fiakaran'ny vary asara. Mifanandrify amin'ny fiakaran'ny litchi sy jirofo izay mampitombo ny vola miditra amin'ny mponina koa io fotoana io. Mahazo vola amin'izany na ny mpamboly na ny mpiasa mpioty sy mpanavaka ny vokatra.

Tsara ny varotra amin'io satria miakatra ny vidin-trondro, ambony mantsy ny fahefa-mividin'ny mpihinana izay mitombo fidiram-bola. Vitsy ihany koa ny trondro hita eny an-tsena amin'ny andro fety satria tsy miasa loatra ny mpanjono.

## Vakinankaratra

Ao Vakinankaratra, toy ny any amin'ny faritra hafa, mivarotra trondro ny mpiompy rehefa misy filàm-bola maika. Mivarotra koa anefa izy ireo rehefa mampanahy ny fandriam-pahalemana. Aorian'ny fijinjana vary, niala ny vary fialokalofana sy fiafenan'ny trondro ka mora angalarina. Tsara kokoa ny mivarotra azy avy hatrany indrindra raha tsy misy tata-belona (toerana azon'ny trondro ierena) ny tanimbary. Araka ny voalazan'ireo mpiompy sasantsasany nohadihadianay, aleon'izy ireo manao voly avotra, noho izay antony ara-tsosialy izay, izay tsy mampitsiriritra ny hafa, eny fa na dia tsy ahazoana tombony betsaka nohon'ny fiompiana trondro aza ny fanaovana izany.

Amin'ny fotoana fihidin'ny rano, septambra ka hatramin'ny novambra, ny mpiompy sasany izay manan-tany bebe kosa dia mivarotra trondro satria tsara kokoa ny vidiny nohon'ny fahavitsian'izany eny an-tsena.

### Matsiatra Ambony

Ny takalo dia tranga iray mbola manjaka amin'ireo toerana saro-dàlana maro ao anatin'ny faritra Matsiatra Ambony. Kojakoja ilaina amin'ny fiainana andavanandro matetika no atakalo vokatry ny fambolena na vokatry ny tany roa samy hafa no ampifanakalozina. Ny takalo momba ny karpa no horesahintsika manaraka eto.
Amin'ny fetin'ny taom-baovao na ny fetim-pirenena dia manolotra karpa ho an'ny ray aman-dreny sy ireo mpifanolobodirindrina efa nahazo taona ny ankizy. Io ilay fomba malagasy antsoina hoe «Solom-body akoho». Karpa no ataon'izy ireo fanomezana noho ny hatsaran'ny tsirony sy ny fahamorany. Karpa 2 na 3 dia ampy kanefa mora miohatra amin'ny vidin'akoho iray. Ho takalon'izany dia manolotra vatomamy na fanomezana hafa ho an'ny ankizy ny ray aman-dreny.

Amin'ny fotoana fiakaran'ny vary, atakalo vary ihany koa ny karpa. Hampiakarana ny tahirim-bary hamidy amin'ny fotoanan'ny maitso ahitra no tanjona amin'izany. Ankoatra izay, misy karazana takalo iray koa fanaon'ny olona. Tahaka ny mampitrosa zana-trondro ilay mpamokatra amin'izay.
Vary akotry na vary fotsy no ataon'ny mpanatavy takalon'ny zana-trondro nalainy amin'ny fotoana fiakaran'ny vary.

## FITANTANANA NY VAROTRA TRONDRO AO ITASY

*Hofantarintsika bebe kokoa ny fomba fitantanana ny varotra trondro amin'ny alalan'ny fitantaran'ireo mpiompy roa avy ao amin'io faritra io.*

**RAKOTONIRINA Rijason,** *mpamokatra karpa avy ao Antanetibe, kaominina Miarinarivo II, mampahafantatra antsika ny fifanarahana ataony amin'ny mpividy iray*

***LVRP : Ahoana no fomba itantananao ny varotra trondro ?***

**RR. :** Manao fifanarahana amin'ny mpividy izahay. Izy no mamaritra ny fotoana ivarotana araka ny toetrandro ary izahay kosa no mametra ny vidin-trondro ahazoanay tombony.




*Santionany amin'ny trondro amidin-dRakotonirina Rijason*

***LVRP : Inona avy no fepetra takian'ilay fifanarahana?***

**RR. :** Tsy ny mpiompy trondro rehetra no afaka misitraka ilay fifanarahana. Ireo izay manana toerana azon-drano maharitra sy azo ritina anaty fotoana fohy no afaka manao izany. Tokony handry fahalemana ihany koa ilay toeram-pamokarana satria betsaka ny mpangalatra trondro.

***LVRP : Fotoana manao ahoana no ivarotanareo trondro ?***

**RR. :** Amin'ny ririnina, volana jona ka hatramin'ny oktobra, ahazoanay mpanatavy tombony betsaka ny fivarotana trondro. Amin'io fotoana io no tena lafo ny trondro, amorondàlana rahateo no misy anay. Mitsoka mafy avy any antsinanana mantsy ny rivotra ka mampiery ireo trondron'ny farihin'Itasy any anaty rano lalina.Tsy mahazo trondro betsaka ny mpanjono na dia miasa mafy aza. Vokatr'izay dia tsy ampy amidin'ireo mpanangom-bokatra sy mpivarotra ny entana azony.

**RANDRIANARIMALALA Edmond,** *mpanatavy karpa sady mpanjono avy ao Ambohimanambola, Kaominina Manazary Itasy*

**Miandry ny fotoana fivarotana**

« Amin'ny fetin'ny Fahaleovantena, ny 20 hatramin'ny 26 jona, no fandritanay tanimbary. Efa mahafantatra izany ny mpanangom-bokatra.

Andrasanay fotsiny io fotoana io hivarotana trondro. Mora ny asa amin'io satria midina ety an-toerana ny mpividy. Miakatra isan-taona ny vidin-trondro. Ny taona 2014 izao dia 6 500 - 7 000 Ariary no vidin'ny karpa 1 kilao. Ny 2015 kosa dia nahatratra 7000 - 8 000 Ariary izany.

Raha ny tilapia indray dia miova matetika ny vidiny. Manodidina ny 6 000 sy 7 000 Ariary ny iray kilao. Sarotra amidy ny tilapia madinika ka izany no antony ihinananay azy.

Miavaka tokoa ny fotoana fivarotana trondro aty aminay. Lafo daholo mantsy izay trondro miakatra na be na kely. Ny karpa an-tanimbary no tena vidin'ny mpanangom-bokatra satria tena ifandrombahan'ny mpanjifa. Matetika ny mpihinana eto an-tanàna no tsy mahatratra karpa ao an-tsena intsony ka mionona amin'ny fividianana ireo tilapia madinika. »




*Avy nitsirika ny tanimbary fiompiany Atoa Edmond*

# KAOPERATIVA FIFIMPAVA

## «Mifototra amin'ny fitazonana mpanjifa ny paikady fivarotana»

*Isaorantsika Atoa Henri RAKOTOSON, filohan'ny kaoperativa FIFIMPAVA hatramin'ny niorenany, nanaiky hitondra ireo traikefa sy vina ara-barotra miavaka ananan'izy ireo.*

***FMT : Azonao ampahafantarina anay ve ny Kaoperativa FIFIMPAVA ?***

***HR :*** Ny Kaoperativa FIFIMPAVA (Fivondronan'ny Fikambanan'ny Mpanjono eto Vakinankaratra) dia fiombonan'ireo fikambanana mpanjono ka ao Mahazoarivo Antsirabe no misy ny foibeny.

Vondrona iray mitantana ireo farihin'ny faritra Vakinankaratra dia Andranobe Antsinanana, tantanan'ny fikambanana TAMIA, Andranobe Andrefana tantanan'ny fikambanana MMFT, Andraikibakely tantanan'ny FIMPAFA ary Tatamarina Betafo izay tantanan'ny FITAMI.

783 ny isan'ny mpikambana ankehitriny raha 250 izany tamin'ny 16 may 2007 nanorenana azy. Mpanjono no ankamaroany, mponina mpitantana ny farihy ihany koa.

Mifantoka amin'ny fampiroboroboana ny zotra-pihariana trondro an-dranomamy sy ny fizahantany miaro ny tontolo iainana, amin'ny alalan'ny fitantanana ny rano, famokarana trondro, famokarana zanatrondro an-tanimbary sy varotra, ny asan'ny kaoperativa.

Takiany amin'ny mpikambana ny fanajana ireo soatoavin'ny kaoperativa hampaharitra ireo harena voajanahary tantanany.




Atoa Henri, Filohan'ny kaoperativa FIFIMPAVA

***FMT : Ahoana ny momba ny fampidirana trondro ao amin'ny farihy ?***

***HR :*** Mampiditra karpa miisa 7 000 ka hatramin'ny 10 000 eo ny kaoperativa isan-taona. 7 sm no haben'ny zana-trondro ary avy ao amin'ny tsenan'i Betafo no fiaviany.

Tilapia ny 75 % amin'ny trondro voajono ; karpa, trondro gasy, bilaky basy ary fibata kosa ny 25 % ambiny.

Karazan'orana niditra tsy nahy teto amintsika vao haingana ny fozaorana (*Macrobrachium sp.*). Natahorana mihitsy tany am-piandohana ny fanjakazakan'izany ao amin'ny rano. Tsapa tsikelikely anefa taty aoriana fa hazain'ny bilaky basy na ny fibata ny fozaorana ka vao mainka mampitombo ny isan'ny karpa. Azo atao ny manamarina izany amin'ny alalan'ny fikarohana.

***FMT : Mahavaly ny filàn'ny mponin'Antsirabe trondro ve ny tolotra misy ?***

***HR :*** Raha ny varotra isan-taona sy ny vokatry ny famantarana ny tsena nataon'ny APDRA nampanaovin'ny FIFIMPAVA no jerena dia nahatratra 25 taonina ny trondro voajono tamin'ny 2011 raha 20 taonina izany ny taona 2015. 550 taonina isan-taona kosa no trondro maitso ilàn'ny tanànan'Antsirabe isan-taona. Nihena ny vokatra noho ny tsy fahampian'ny trondro ampidirina.

Ny tsy fahampian'ny tolotra miohatra amin'ny filàna no nampiakatra avo roa heny ny vidintrondro tato anatin'ny 5 taona, 5 000 Ar tamin'ny 2011 ary 10 000 Ar/kilao ankehitriny. Misy ihany koa fotoana ilàn'ny olona trondro kanefa tsy mampisy azy eny amin'ny tsena.

Hampifanarahana indrindra ny tolotra amin'ny tinady no nahatonga ny kaoperativa hiara-miasa amin'ireo mpiompy trondro an-tanimbary ao Betafo. Io paikady fanangonana trondro noatavizina an-tanimbary io no nahafahana namatsy ireo teoram-pivarotan'ny kaoperativa mandritra ny fotoana mampandeha ny varotra.

Raisin'ny kaoperativa amin'ny vidiny 7 800 Ar ny trondro iray kilao ary amidiny 10 000 Ar. Amidy ny ampitson'io izay tsy lany rehefa notahirizina tamin'ny lagilasy ka 8 000 Ar na 6 000 Ar mihitsy aza ny iray kilao.

***FMT : Inona avy ireo karazan-trondro ankafizin'ny mpanjifa ?***

***HR :*** Araka ny fahitanay azy dia ny trondro maitso no ankafizin'ny mpanjifa miohatra amin'ny notahirizina na dia lafo kokoa aza ny vidiny. Mafy ny fifaninanana amin'ny fivarotana trondro notahirizina toy ny avy any Miandrivazo, ny trondrondranomasina. Tsara kokoa ny mitàna ny tsenan'ny trondro maitso. Miezaka mitàna ny kalitaon'ny entana izay mora simba ny kaoperativa ka tsy mitahiry izany.

Ny tilapia no tena be mpitia, manaraka azy ny karpa, ny bilaky basy, ny trondro gasy izay amidy 10 000 Ar/kilao ary ny fibata amin'ny vidiny 6 000 Ar/kilao.

***FMT : Fotoana manao ahoana no mampandeha ny varotra ?***

***HR :*** Manomboka ny volana desambra hatramin'ny volana jona fankalazana ny fetim-pirenena no fividianan'ny olona trondro.




*«Tatamarina» Betafo, iray amin'ireo farihy lehibe tantanan'ny FIFIMPAVA*

Ny volana jolay hatramin'ny oktobra kosa dia mihena ny fandehan'ny tsena noho ny fidiran'ny mpianatra, ny fanaovana famadihana sy ny fotoanan'ny maitso ahitra. Mponina an-tanàn-dehibe mantsy no tena mpanjifan'ny kaoperativa. Miakatra kely izany vidin-trondro izany ny septambra ka hatramin'ny novambra, fotoana mampihidy ny rano.

***FMT : Azonao ambara aminay ve ny paikady entinareo mivarotra ?***

***HR :*** Nomena fiofanana momba ny paikady ivarotana maromaro ny mpikambana tao amin'ny kaoperativa tamin'ny andron'ny *Coopération suisse*. Ny fitadiavana ny vidiny zakan'ny mpanjifa no laharam-pahamehana. Aorian'izay dia tsy atao ambanin-javatra ny fanaovana dokam-barotra, ny fametrahana toeram-pivarotana hahitan'ny olona ny vokatra. Singa lehibe mampandeha ny varotra ihany koa ny fanajana ny kalitaon'ny entana.

Ho anay FIFIMPAVA, imasoanay isan'andro ny fanomezana fahafaham-po ny mpanjifa mba tsy hivily. Mpanjifa iray voafitaka mantsy dia mahatarika fahaverezana mpanjifa 40.

***FMT : Inona avy ireo olana iainanareo amin'io sehatr'asa io ?***

***HR :*** Mampanahy anay ankehitriny ny firongatry ny fampiasana irony fitaovam-panjonoana kely masony atao hoe «nasses» irony eto Vakinankaratra ka mety haharitra haingana ny trondro. Amidy eny an-tsena ireo trondro madinika azo amin'ireny. Sady voarara ny fakana ireny sokajin-trondro ireny no tsy ara-dalàna ny fivarotana azy kanefa tsy misy sazy azon'ireo manao izany.

Ankoatra izay, hiatraika amin'ny hazan-drano koa ny voka-dratsin'ny fanotoran'ny antsanga ny farihy sy ny fiovaovan'ny toetr'andro raha tsy tonga saina ny mponina sy ny manam-pahefana.


Tokony heverina ihany koa ny fikarakarana ny trondro ampitomboina na amin'ny fomba natoraly na amin'ny fiompiana hiantohana ny fisian'ny taranaka trondro amin'ny habetsahany sy hatsarany tsy miovaova.
Mampidina ny vidin-trondro ka mampitombo ny mpanjifa ny fiakaran'ny tolotra. Fantatr'izy ireo amin'izay ireo singa mahatsara ny trondro miohatra amin'ny hena hafa.

***FMT : Inona àry no vahaolana azonao aroso hisorohana izany ?***

***HR :*** Betsaka ny hevitra azo aroso hanatsarana ny sehatra fitrandrahana ny rano araka ireo mpisehatra hita ao. Iray izay iainanay no lazaiko. Azo atao ny manangana «plateforme» izay atokisana sy afaka mitondra fampandrosoana azo tsapain-tànana. Tafiditra hatrany ao anatin'ny vinan'ny kaoperativa rahateo izany. Miankina amin'ireo mpisehatra ao anatiny izay tokony ho sahy hilaza ny olana sy hitàna andraikitra miaraka ny tanjak'izany «plateforme» izany : ny tantsaha mpamokatra, ny mpitantana rano, ny fitondram-panjakana voakasiky ny seha-pihariana, ary indrindra ireo teknisianina sy mpanjifa. Ny fiaraha-manangana izany no dingana voalohany tokony hatao.

Zava-dehibe aorian'izay ny fampandehanana azy haingana. Tsy sarotra io raha misy loharanom-bola na dia hoenti-miainga fotsiny aza. Betsaka ny «plateformes» no tsy maharitra, nijanona tamin'ny famolavolana paikady fotsiny fa tsy niasa. Izay no tokony hialàna dieny ety am-piandohana na dia mila hery manosika aza ny mpisehatra. Afaka hiantoka tanteraka ny andraikitra fandrindrana asa iantsorohany amin'izay io rafitra io.




*Fibata (ankavia) sy bilaky basy (ankavanana), karazan-trondro jonon'ny kaoperativa FIFIMPAVA*

# TSENAN'NY TRONDRON-DRANOMAMY ETO ANALAMANGA, AZON'NY MPAMOKATRA TRANDRAHANA TSARA

*Ny trondron-dranomamy dia ara-pahasalamana, manankarena irony proteina azo avy amin'ny biby irony. Tian'ny mpanjifa eto Antananarivo izy io, ary hita mandavan-taona manerana ny tsena rehetra. Avy amin'ny jono, fa tsy nompiana, ny ankamaroan'ny trondro amidy eto andrenivohitra.*

## Vitsy nohon'ny trondro jonoina ny ompiana

Tsy mahatratra 5 isan-jaton'ny trondro jonoina akory ny trondro ompiana hita eny amin'ny tsenan'ny faritra. Ny taona 2015, 173 taonina ihany no voarakitry ny DRRHP (Direction Régionale des Ressources Halieutiques et de la Pêche) Analamanga. Hita manerana ny tsenan'ny renivohitra, mandritra ny valo volana ao anatin'ny taona iray (jereo ny tabilao etsy ankilany), ny trondron-dranomamy jonoina avy amin'ireo faritra hafa (Ambatondrazaka, Miandrivazo, Marovoay, Itasy,…). Maro ny karazana trondro amidy eny an-tsena. Fahita matetika ny tilapia, ny karpa, ny trondro gasy, ny fibata, ny gogo, ny vangolaopaka. Ny tilapia kosa no tena ankafizin'ny mpanjifa.

## Ny mpiantsehatra eo amin'ny varotra

Maro ny mpisehatra eo amin'ny varotra hazan-dranomamy eto Antananarivo. Ho an'ny trondro jonoina dia ao ny mpanjono, ny "mareyeurs", ny mpanangom-bokatra, ny mpivarotra ambongadiny, ny mpaninjara ary ny mpanjifa. Vitsy kosa ny mpisehatra amin'ny varotra trondro ompiana. Ao ireo mpiompy izay mivarotra avy hatrany ny trondrony amin'ireo mpaninjara eny an-tsena. Misy kosa ireo mivarotra amin'ny mpanangom-bokatra ka ireo indray avy eo no mivarotra ny entana amin'ny mpaninjara.

## Ny tsena

Ny trondron-dranomamy jonoina dia hita manerana ny tsena eto Antananarivo. Ny tsenan'Ambodin'Isotry, Analakely, Andravoahangy, Anosibe, Mahamasina no ahitana mpividy trondro maro eto an-drenivotra. Tsy adinoina koa ny tsenan'Analamahitsy, Mahazo, Ambohipo, Andoharanofotsy, 67 ha sy ny sisa. Ao koa ny tsenam-pokontany. Ny tsenan'ny faritra manodidina koa dia ahitana trondron-dranomamy avokoa : Ambohibao, Ivato, Ambohidratrimo, Mahitsy, Ankazobe, Ambohimangakely, Manjakandriana, Talata Volonondry, Arivonimamo, Behenjy, sns. Maro karazana ny mpanjifa. Ao ny olon-tsotra, ny mbola hivarotra ary ireo mpanao sakafo eny amin'ny hopitaly, ny trano fisakafoana lehibe sy ny hotely gasy isan-karazany. Misy mpanjifa sasany eto Antananarivo mividy trondron-dranomamy eny amin'ireny magazay lehibe na "grande surface" ireny. Ny hazan-dranomamy ompiana kosa dia eny amin'ny tsena manodidina an'Antananarivo no tena betsaka.



*Fahatongavan'ny fiara lehibe iray mpitatitra trondro ao Ambodin'Isotry*

| TOERANA ANJONOANA | LANJANY (Kilao) | ISAN-JATO |
|---|---|---|
| Ambatondrazaka | 24 020 | 4 |
| Amparafaravola | 31 120 | 6 |
| Miandrivazo | 153 230 | 28 |
| Marovoay | 46 000 | 8 |
| Maevatanana | 58 710 | 11 |
| Ambato Boeny | 170 120 | 31 |
| Mampikony | 50 220 | 9 |
| Port Bergé | 22 370 | 4 |
| TOTAL | 555 790 | 100 |

*Toerana fiavian'ny trondro amidy eto Antananarivo*

## Ny vidiny

Miovaova araka ny habeny sy ny vanim-potoana ny vidin'ny trondro jonoina eto an-drenivohitra. 7 000 ka hatramin'ny 10 000 Ariary ny kilao rehefa anatin'ny vanim-potoana fisokafan'ny rano. Ny vidiny mora indrindra dia mety ho tafiakatra hatramin'ny 8 000 Ariary/kilao rehefa mihidy ny jono. Ny vidin'ny trondro avy any amin'ny mpamokatra kosa dia eo anelanelan'ny 6 000 sy 12 000 Ariary, araka ny zotram-barotra nampiasaina. Ny vanim-potoana mampihidy ny jono (oktobra hatramin'ny febroary) no azon'ny mpamokatra trandrahana tsara hivarotana ny vokatra.

## Ny fitaovam-pitaterana

Kamiao, "taxi-brousse", ireo no fitaovam-pitaterana itondrana eto Analamanga ny trondron-dranomamy jonoina avy amin'ny faritra hafa. "Bus", fiarakaretsaka, "moto" sy bisikleta kosa no itondran'ireo mpaninjara ny vokatra mankany an-tsena. Misy koa ny mandeha an-tongotra. Ny "taxi-brousse", ny "bus", ny bisikleta sy ny dia an-tongotra kosa no ampiasaina rehefa mitatitra hazan-dranomamy avy amin'ny mpamokatra. Ny fitaovana fampiasa matetika rehefa mitondra trondro noatavizina dia ny "bidons", siny, koveta sy harona plastika ary ny sobika. Misy mpamokatra vitsivitsy mampiasa ny fiarany manokana, miaraka amin'ireo fitaovana voatokana ("cuves avec système d'aération de l'eau",…) hitaterana zana-trondro sy trondro noatavizina.

## Ny hetahetan'ny mpanjifa

Mpanjifa maro eto an-drenivohitra no tsy mividy hazan-dranomamy. Manahy ny fiavian'ny trondro eny an-tsena izy ireo. Izany dia noho ny fisian'ny trondro avy amin'ny rano maloton'i Masay. Manantena hividy trondro madio sy fanta-piaviana ny mpanjifa. Izay no mahatonga azy ireo hisafidy ny trondron'ny mpiompy.

# INONA AVY IREO TRONDRO ANKAFIZIN'NY MPANJIFA ?

*Antony maro no tsy mampitovy ny trondro ankafizin'ny mpanjifa amin'ny faritra samy hafa. Tian'ny olona ohatra, ny karazan-trondro iray noho ny tsirony miavaka, ny karazany iray kosa dia noho ny fahamaroany sy fisiany eny an-tsena.*

Karazan-trondro toy ny karpa, tilapia, trondro gasy (carassin), toho (gobidé), pirina (gambusie), fibata (*Channa maculata)* sy trondron-dranomasina no hita amidy amin'ny faritra maro eto amin'ny Nosy. Samy hafa ny fankafizan'ny olona na andrenivohitra na ambanivohitra. Miankina amin'ny fisian'ny trondro eny an-tsena sy ny fahefa-mividin'ny tokan-trano tsirairay ny fihinanana azy matetika na mahalana.

## Ny tilapia, voalohan-tsafidin'ny mponina ao Matsiatra Ambony

Ny tilapia no tian'ny ankamaroan'ny mponina ao amin'ny faritra Matsiatra Ambony noho ny kalitaony : tsiro, fofona, loko.

Miankina amin'ny fahefa-mividy no ifidianana ny haben'ny trondro vidina. Ny tilapia lehibe no vidin'ireo fianakaviana manan-katao noho ny nofony. Ireo fianakaviana manana fahefa-mividy antonony kosa dia misafidy ireo tilapia madinika na antonony (ahitana tilapia miisa 30 ny lanjan'ny 1 kilao) ahafahan'ny tsirairay mihinana trondro iray tsy mitapaka.

Misy ihany koa ny trondro jonoina avy any amin'ny faritra Ihorombe. Takatry ny maro ny vidiny (1 500 Ar/tokony) hany ka mahalafo hatramin'ny 200 kilao isan'andro ny mpivarotra izany, ny volana janoary hatramin'ny jolay. Miova ny kalitaon'ireo trondro ireo vokatry ny dia lavitra nitaterana azy.





*Any ambanivohitra no tena ahitana betsaka ny pirina*

Aorian'ny tilapia dia ny pirina, karazan-trondro tsy ompiana, no tian'ny olona noho ny tsirony. Vitsy ny pirina hita ao amin'ny tsenan'i Fianarantsoa. Any ambanivohitra sy ny tanàna manodidina kosa no mahabetsaka azy, aorian'ny fotoana fiakaran'ny vary. Tsy mahasarona ny filàn'ny tsena ny vokatra satria tsy mieritreritra ny hiompy azy io ny olona.

Manaraka izany dia ny karpa ompiana no tian'ny olona na dia ahatsapana tsiro sy fofona fotaka ary ahitana taola-madinika. Araka ny fomba fikarakarana azy anefa no mahatsara ny tsirony. Ny karpa no mameno ny filàn'ny mponina amin'ny fotoana mampihidy ny rano, volana oktobra hatramin'ny desambra. Lehibe koa ny karpa ka mampazoto homana.

Anisan'ny karazan-trondro ankafizin'ny olona koa ny trondro gasy. Tsy esorina ny taova ao anatiny rehefa mahandro azy. Izany indrindra no itiavan'ny olona efa be taona sy ny tambanivolo azy.




*Malaza ho tsara tsiro ny trondro gasy (carassin)*

## Ny karpa no tena tian'ny mponin'Amoron'i Mania

Ny karpa no lohalaharana amin'ny karazan-trondro ankafizin'ny mponin'Amoron'i Mania noho izy mora ompiana no sady be nofo.

Aorian'ny karpa dia ny tilapia no tian'ny olona. Araka ny hevitry ny olona nanontanianay dia manana tsiro miavaka sady tsy be taolana ny tilapia. Mora karakaraina koa izy. Mora nohon'ny karpa ny vidiny sady tsy miova loatra. 2 000 hatramin'ny 3 000 ariary eo ny tokony.

Ny tilapia marakely (ziili), izay ela fitombo, dia betsaka ary hita mandavan-taona. Ataon'ny mpiompy laoka izy ireny. Ny tilapia lehibe avy any Miandrivazo kosa anefa no tena mamaly ny filàn'ny mpanjifan'Amoron'i Mania.

Misy karazan-trondro maro hafa koa fanaon'ny olona laoka : fibata, trondro gasy, orana ary fozaorana.

Trondro maina no tena hanin'ny olona amin'ny fotoanan'ny maitso ahitra. Azo tehirizina tsara mantsy izy ireny. Isaky ny andro tsena ihany anefa vao afaka mividy azy ny tambanivolo.




*Ny tilapia, karazan-trondro be mpankafy amin'ny faritra maro*

### Mirona amin'ny trondron-dranomamy ny fitiavan'ny mponina any amin'ny moron-tsiraka Antsinanana

Ahitana trondron-dranomasina (akaiky ny ranomasim-be Indiana) sy trondron-dranomamy (renirano) betsaka ny tsenan'ny moron-tsiraka Antsinanan'i Madagasikara.

Miara-manaiky ny mpanjifa maro fa ny trondro vao no tena tsara na dia tsy ahitana azy firy aza amin'ny toerana lavitry ny ranomasina.

Ankoatra izay, amin'ny ankapobeny, dia ny trondron-dranomamy no tena tian'ny mponina noho ny «hatsaran'ny tsirony».

Any amin'ny tapany atsimon'ny faritra Antsinanana izao dia betsaka sady be mpankafy ny trondron-dranomamy. Araka ny hevitry ny mpanjifa iray dia kely kokoa ny risika amin'ny fahatraran'ny fanapoizinana avy amin'ny trondron-dranomamy miohatra amin'ny trondron-dranomasina. Ireto farany mantsy mihinana lomotra mety mankarary amin'ny fotoanan'ny maintany. Ankafizin'ny mponina manokana ny tilapia, ny masovoatoaka.

Tahaka izay ihany koa ny fitiavan'ny mpanjifa ao amin'ny faritra Analanjirofo. Mividy trondron-dranomasina anefa ny ankamaroan'ny mpanjifa noho ny fahavitsian'ny trondron-dranomamy hita eny an-tsena.

# NY TSENAN'NY ZANA-TRONDRO AMIN'NY FARITRA MARO

*Mivarotra zana-trondro ny mpamokatra any aminy, eny an-tsena na aterina any an-tranon'ny mpividy. Indro fintininay ho anareo ny vidin'ny zana-trondro hita tamin'ny faritra maro (jereo tabilao). Samy hafa be ny vidiny araka ny faritra, ny haben'ny zana-trondro, ny fotoana sy ny fomba fivarotana. Amin'ny faritra nanaovanay fanadihadiana dia miavaka tsara ny faritra afovoan-tany sy ny faritra any amin'ny Moron-tsiraka Antsinanana.*

### Ireo singa mampiova ny vidin'ny zana-trondro karpa

Tsy mitovy ny vidin'ny zana-trondro amin'ny faritra iray miohatra amin'ny hita ao amin'ny faritra iray hafa noho ny zavamisy samy hafa, ny toetry ny tolotra sy ny tinady. Ao Betafo, faritra Vakinankaratra, ohatra no ahitana zana-trondro ambany vidy indrindra amin'ny fanombohan'ny fotoana fivarotana (5 à 20 Ar / zana-trondro).




*Fivarotana zana-trondro ao Vinany, Ambositra*

Misy singa maro hafa koa anefa mampiova ny vidina zanaka karpa eto afovoan-tany :

- Ny taona na ny haben'ny zana-trondro mandritra ny fotoana fivarotana ;
- Ho an'ny mpamokatra sasany dia voaray amin'ny famaritana ny vidin'ny zana-trondro ny fandaniana natao tamin'ny famahanana sy fanamasahana ary ny fotoana nikarakarana ny fiompiana ;
- Ny lalàn'ny tolotra sy ny tinady any amin'ny fiandohana ka hatrany amin'ny fiafaran'ny fotoam-pivarotana. Manomboka manatody ny karpa ny voalohandohan'ny volana septambra.

Ny volana oktobra, manana zana-trondro betsaka ny mpamokatra saingy tsy ampy rano matetika ny tanimbary fanatavizana. Vitsy amin'io ny mpividy ka tafidina ambany be ny vidin'ny zana-trondro.

### Ireo fomba fivarotana

Amidy tolo-botsitra ny ankamaroan'ny zana-trondro. Misy ihany anefa fomba napetrak'ireo mpamokatra sasany hanamora ny fivarotana azy. Ao Matsiatra Ambony ohatra, mampitrosa ny mpamokatra saingy vitsy dia vitsy ny manao izany ankehitriny. Tsy te ho very vola izy ireo noho ny fahasahiranan'ny mpividy amin'ny famerenam-bola. Miendrika takalo amin'izao fotoana izao ny fandoavam-bola ary tsy aloa eo no ho eo.

Maro karazana ny fifanarahana azo atao amin'izany.

Amin'ny fiakaran'ny vary dia vary no omena ny mpamokatra. Ny vidim-bary tamin'ny fotoanan'ny maitso ahitra anefa no raisina fa tsy ny vidim-bary amin'ny fotoana fiakarany. Mahazo tombony eto ny mpamokatra.

**Ohatra :** Naka zana-trondro 10 mitentina 1 000 Ariary (100 Ar/zana-trondro) ny mpanatavy iray atakalo vary 4 kapoaka nokajiana tamin'ny vidim-bary tamin'ny fotoanan'ny maitso ahitra (400 Ar/kapoaka). Amin'ny fotoana fiakaran'ny vary, 200 Ar ny vary iray kapoaka. Vary 8 kapoaka izany no omen'ilay mpamokatra zana-trondro hahatrarana ny 1 600 Ar. Lasa 160 Ar amin'izay ny vidin'ny zana-trondro iray (zana-bola : 60 Ar/zana-trondro).

Misy ihany koa fifanarahana eo amin'ny mpamokatra zana-trondro sy mpanatavy, hizaràna ny vokatra trondro. Mbola mahazo tombony ihany eto ny mpamokatra.

**Ohatra :** Naka zana-trondro 10 ny mpanatavy iray. Raha mahazo trondro lehibe 8 izay milanja 250 grama tsirairay izy dia manome trondro 4 (1 kilao) ilay mpamokatra zana-trondro. 8 000 Ar no vidin'io trondro iray kilao io. Lasa 800 Ar amin'izay ny vidina zana-trondro iray.

Misy fomba fivarotana fahatelo koa izay ahitana fizaram-bokatra ihany. Ambonin'izay anefa dia mbola mandoa ny vidin'ny zana-trondro ny mpanatavy, amin'ny fotoana fizarana ny vokatra trondro.

## Ny tsenan'ny zana-trondro ao Betafo

Manodidina ny 250 no isan'ny mpamokatra zana-trondro ao Betafo ary manana toeram-pivarotana miavaka izay mandefa ny trondro manerana ny Nosy. Zana-trondro karpa anarivorivony no amidin'ireo mpamokatra ao, ny volana septambra hatramin'ny desambra.Tsy mbola vonona handray izany anefa ireo mpanatavy, amin'io fotoana io, noho ny tsy fahampian'ny rano ao an-tanimbary.

Miteraka fifanarahana eo amin'ireo mpiompy zana-trondro sy ireo mpanatavy sasantsasany izay manana rano betsaka kokoa izany. Alefa any amin'ny tanimbarin'ny mpanatavy ny ampahany amin'ny zana-trondro. Izany no ahafahan'ny mpamokatra manome toerana malalaka hiainan'ny zana-trondro tavela. Ilay mpanatavy no mikarakara ny fiompiana mandra-piakatry ny vokatra. Rehefa lehibe ny trondro dia zarain'ny roa tonta mitovy. Misy ihany koa ireo mpamokatra zana-trondro no mampihatra teknika fanemorana ny fanatodizan'ny trondro. Apetrany amin'ny toerana mangatsiaka ny reni-trondro. Mahavita mamokatra zana-trondro hatramin'ny volana martsa izy ireo amin'izany.

Noho ny fangatahan'ny mpiompy zana-trondro, nahazo fotodrafitrasa nataon'ny APDRA ny tsenan'ny Betafo, ny taona 2008. Tanjona tamin'izay ny hamatsiana rano hatrany ny zana-trondro amidy. Simba io fotodrafitrasa io ankehitriny : rava ny tafo, tsy mandeha intsony ny paompy. Mbola ifampidinihana amin'ireo ratsa-mangaika ao an-toerana sy ireo mpamokatra ny fanarenana ny fotodrafitrasa sy ny fanatsarana ny fitantanana azy nohon'ny hetahetan'ireo mpampiasa azy ankehitriny (CSA/FRDA, CIRHP, Commune).

## Ny tsenan'ny zana-trondro ao Antananarivo

Tsy misy tsena manokana ho an'ny zana-trondro ao an-drenivohitra. Izay mila dia mividy any amin'ny mpamokatra na koa mandeha mividy any amin'ireo tsena lavidavitry ny renivohitra toa an'i Behenjy, Arivonimamo na Talata Volonondry. Taxi-brousse, bus, moto na bisikileta matetika no itaterana ny zana-trondro avy any ka atao anaty sobika na harona plastika misy oksizena.

## Ny tsenan'ny zana-trondro any Antsinanana

Vao haingana no nisy famokarana sy fivarotana zana-trondro tany amin'ny faritra Antsinanana. Mitombo ny isan'ny mpiompy any an-toerana ka mampiakatra ny filàna. Mitodika indrindra amin'ny tilapia *Oréochromis niloticus* lahy ny famokarana. Tetikasa sy fikambanana toy ny Congrégation des sœurs de St Benoit ao Fénérive Est - tantanan'ny fikambanana APDRA sy MATEZA -, MIDEM/Tilapia de l'Est na Anjara Environnement no mivarotra zana-trondro milanja 1 grama amin'ny vidiny 200 Ar.

Mbola vitsy koa ny famokarana sy fivarotana zanaka karpa. Ny toeram-pampiterahana St Benoît irery ihany izao no mamokatra ao amin'ny faritra Analanjirofo. Saika manodidina an'i Toamasina kosa no ahitana izany ao amin'ny faritra Antsinanana.

Ny famokarana zanaka «hétérotis» indray dia vao haingana no nisy, niaraka tamin'ny fanohanan'ny APDRA. Amin'izao fotoana izao aloha dia mbola ireo mpiompy miara-miasa aminy ihany no mahazo ny vokatra.

Ankoatra ireo mpamokatra tsy miankina vitsivitsy dia ao koa ny station d'Ivoloina. Marihina fa ny station d'Ivoloina dia mamokatra zanaka tilapia sy karpa ilain'ny tetikasa tohanan'ny APDRA.

## VIDIN'NY ZANA-TRONDRO AMIN'NY FARITRA IASAN'NY APDRA

| | FARITRA | KAOMININA/DISTRIKA | FOTOANA | VIDINY (Ariary) |
|---|---|---|---|---|
| AFOVOANTANY | Itasy | | Oktobra - febroary | 60 - 300 |
| | Amoron'i Mania | | Septambra - aprily | 60 - 800 |
| | Matsiatra Ambony | Andranovorivato, Andoharanomaitso, Mahazoarivo, Ambondrona, Alakamisy Ambohimaha, Ambohimahasoa | Septambra - martsa | 100 - 500 |
| | Vakinankaratra | Betafo | Septambra - aprily | 20 - 500 |
| | Analamanga | | Septambra - martsa | 100 - 700 |
| | **FARITRA** | **ZANA-TRONDRO** | **LANJA** | **VIDINY (Ariary)** |
| MORON-TSIRAKA ANTSINANANA | Analanjirofo | Karpa | 1 à 2 g | 300 |
| | | | 5 à 15 g | 300 - 400 |
| | | | 10 à 15 g | 1 000 |
| | | Tilapia | > 10 g | 200 - 300 |
| | Antsinanana | Karpa | 5 à 15 g | 300 |
| | | Tilapia | 0,5 - 1 g | 200 |
| | | | 1 - 10 g | 200 - 300 |
| | | | > 10 g | 400 |
| | | Hétérotis | > 10 g | 500 |

*Antontan'isa nangonin'ny APDRA, 2016*

# FIFAMPIZARANA

**RAZAFIMAHATRATRA Dieu Donné,** *mpamokatra zana-trondro ao Ampany, Kaominina Alakamisy Ambohimazo Amoron'i Mania, mizara amintsika fa mahavelom-bolo io asa io. Araka ny nambarany dia tsy maharaka mihitsy ny vokatra zana-trondro karpa.*

« Efa be dia be ny mpanatavy aty aminay. Izany no antony nisafidianako ny famokarana zana-trondro hahafahako mamaly ny filàn'izy ireo. Amin'izao fotoana izao dia tsy mbola ampy ny zana-trondro vokatra. Hitako fa tena mampihena ny halatra eto an-tanàna ny fanaovako ity asa ity. Ny fahitan'ny olona ny zana-trondroko no mampirisika azy ireo hamokatra koa na hanatavy.

Manomboka ny volana oktobra ka mifarana amin'ny martsa ny fivarotana zana-trondro aty aminay. Miova isam-bolana ny vidiny ka ny febroary sy martsa no tena mahalafo azy.

Misy fomba atao hoe «Faosa» mbola manjaka aty amin'ny faritra antsinanan'Imady. Fotoana iray izay tsy ahafahan'ny olona manjono na maka trondro izy io. Tsy maintsy ajanona daholo ireo asa fanao eny an-tsaha na an-tanimbary amin'izany. Mahatonga loza toy ny havandra mamely ny tanàna ny fandikana izany, araka ny finoan'ny olona. Ny 15 febroary hatramin'ny 15 martsa ny faosa. »




*Fampiakarana zana-trondro tao amin'i Dieu Donné*

## Fivarotana hazandrano mifanaraka amin'ny lalàna

### *Tsy maintsy manana «fahazoan-dalana hanorina toeram-pamokarana ny ati-rano»*

*Amin'ity laharana manokana momba ny fivarotana ity dia tianay ny hampahafantatra anareo ireo lalàna mifehy ny fanaovana izany. Niangavianay àry Atoa. RAMAROKOTO Andriamanohisoa, tompon'andraikitra ao amin'ny Direction de l'Aquaculture ao amin'ny Ministeran'ny Harena anaty rano sy ny Jono izay miara-miasa matetika amin'ny APDRA, hanazava ireo fitsipika ireo. Ampahatsiahiviny antsika fa tokony hifanaraka amin'ny didy aman-dalàna manan-kery ny fivarotana hazandrano. Araka ny lalàna dia ireo mpamokatra manana fahazoan-dalana hanorina toeram-pamokarana ny ati-rano ihany no afaka mivarotra ny vokatra hazandrano. Tsara ny manaraka izany hialana amin'ny halatra mety hahazo. Hampahafantarinay anareo ao anatin'ity lahatsoratra ity ireo fepetra arahina hahazoana izany fahazoan-dalana izany.*

### Fahazoan-dalana hanorina toeram-pamokarana ny ati-rano

(Didim-pitondrana laharana faha 5321/2002/MAEL/SEPRH natao tamin'ny 17 oktobra 2002, mikasika ny fanorenanana toeram-pamokarana sy varotra zana-trondro sy trondro)

Ny olona vao hanomboka hiompy trondro dia tokony handefa taratasy fangatahana fahazoan-dalana hanorina toeram-pamokarana ny ati-rano any amin'ny Ministera misahana ny Famokarana ny Ati-rano. Izany taratasy izany dia efa voatomboka (fanamarinana sonia) mialoha tany amin'ny manam-pahefana eo an-toerana (fokontany/kaominina).

Ny Tomponandraikitry ny  Foibe-paritry ny Harena Anaty Rano sy ny Jono (DRRHP) na ny mpiasan'ny CIRRHP no atonina amin'izany.




*Mila fahazoan-dalana manao dobo vao afaka mivarotra hazandrano*

Aorian'izay dia ny Foiben'ny Famokarana ny Ati-Rano na ny Foibe ara-teknika na ny sampandraharahan'ny Ministera misahana ny Famokarana ny Ati-rano any amin'ny faritra no mitsidika ny toerana hanaovana fanorenana sy manao fanadihadiana. Farany dia avoakan'ny Ministera misahana ny Famokarana ny Ati-rano ny fahazoan-dalana. Marihina fa misy ireo sampandraharaha any amin'ny faritra no tsy mampandoa vola amin'ny fikarakarana ny antontan-taratasy. Ny sasany kosa maka fandraisana anjaran'ny mpangataka fahazoan-dalana.

Sarotra kokoa ny dingana arahina raha hametraka foto-drafitrasa lehibe toy ny toeram-piompiana anaty fefy mitsingevana. Tsy maintsy manao «Etudes d'Impact Environnemental» sy manao «cahier des charges environnemental» amin'izany. Ny DRRHP koa no andefasana ny fangatahana fa atonina ihany koa ireo ministera voakasiky ny tetikasa (Ministeran'ny rano, Ministeran'ny Tontolo iainana).

Ankoatra izay, misy lalàna vaovao mikasika ny fitrandrahana ny ati-rano lany tamin'ny volana desambra 2015 (lalàna laharana 053/2015 tamin'ny 02 desambra 2015). Tsy mihatra izy io ankehitriny satria mbola eo am-panoratana ny didy fampiharana ny Fitondrana. Avahan'io lalàna io tsara ny karazam-piompiana atao (ny fiompiana trondro hiantohana ny fahavelomana sy ny fiompiana natao hitadiavam-bola indrindra indrindra). Ireo didy fampiharana ihany no hanasokajy ireo mpiompy sy hamaritra ireo fepetra tokon'ny harahin'ny tsirairay avy.

# SAMY HAFA

**Ohabolana**

*«Mpanankarena manjono, mahazo……………………,*
*tsy mahazo…………………………»*

Fenoy ny banga amin'io ohabolana io.

*Valiny : fanampin-tsakafo, fialamboly*

## FANTARO

## Miaro ny vehivavy amin'ny tsy fahenoana ny fihinanana trondro

Ny fihinanana trondro matetika dia miaro amin'ny tsy fahenoana amin'ny fahanterana, mampihemotra ny fahatongavan'ny tsy fahenoana na mampihena izany. Ny fihinanana vaingana trondro roa isan-kerinandro, na inona karazany, dia mety hampihena hatramin'ny 20 % ny tahan'ny tsy fahenoana.

Fikarohana nataon'ny «Brigham and Women's Hospital» any Boston no nahafantarana izany. Naharitra 20 taona ny fandinihana ka vehivavy miisa 65 000 no nanaovana izany. Azo atao tsara ny manitatra ny valin'ity fikarohana ity amin'ireo lehilahy.

*Source : The American Journal of Clinical Nutrition du 16/11/2014*

## «MARINADE» HO AN'NY TRONDRO

### Inona no ilaina ny «marinade» ?

Mampiakatra ny tsiron'ny sakafo ny «marinade», manalefaka ny tsiro hafahafa tsapa amin'ny karazan-kena sasany, mampalemy ny hena na trondro. Ahafahana mitahiry ny sakafo ihany koa ny «marinade».
Misy karazany telo ny «marinade» : manta, masaka ary ny «marinade» fampiasa avy hatrany.

Indro atolotray anareo «marinade» ho an'ny trondro :

### Zavatra ilaina :

- *Tongolo gasy*
- *Kotomila*
- *Persily*
- *Menaka 4 sotro lehibe*
- *Vinaingitra na ranona voasary makirana 1 sotro lehibe*
- *Trondro*



*Mahatsara ny trondro atono ny «marinade»*

### Fikarakarana

1. Afangaroy amin'ny tongolo gasy nopotehina ny kotomila sy persily voatetika madinika. Araraho eo amboniny ny menaka 4 sotro lehibe sy ny vinaingitra na ranona voasary makirana 1 sotro lehibe.

2. Alaharo anaty lovia jobo ny trondro efa voakarakara, araraho ao ny «marinade» vao natao teo dia avela hilona mandritra ny ora iray.


3. Tsihifo ny trondro hialan' ny ranony, asio sira sy dipoavatra, atonoy na ataovy anaty lafaoro (3 ka hatramin'ny 5 minitra).

Mazotoa homana !

*Source : Intimité cuisine – cuisine n°5 Nov. – Déc. 1997, page 7*

## LALAN-TOKANA


Inona no tady tokony hamintanan'i Doda hahazoany io karpa io ?




*Valiny : D*

## RARINTENY

Fenoy amin'ny alalan'ny famaritana eo ambany ny karakara.




1. Toerana iompiana trondro
2. Mampitombo ny trondro
3. Toha-drano
4. Tain'omby sy mololo
5. Fefin'ny tanimbary
6. Toerana fivarotana
7. Trondro mety amin'ny toerana mafana
8. Trondro mety amin'ny toerana mangatsiaka
9. Tontolo fonenan'ny trondro
10. Trondro madinika

*Valiny : 1. Dobo 2. Sakafo 3. Barazy 4. Fanamasahana 5. Tahalaka 6. Tsena 7. Tilapia 8. Karpa 9. Rano 10. Pirina*

APDRA
Pisciculture Paysanne
Antenne Madagascar
La Résidence Sociale
Antsirabe - MADAGASCAR
Tél. (261) (20) 44 915 85
lvrp@apdra.org

*Talen'ny famoahana*
Barbara Bentz
*Tonian'ny fanoratana*
Sidonie Rasoarimalala
*Lafiny teknika*
Julian Beck
*Mpanoratra*
Zo Andrianarinirina
Marc Henrottay
Philippe Martel
Clémentine Maureaud
Tsiry Rabarijaona
Vola Ratiarivelo
Eric Razafimandimby
Cellule d'Appui à la Commercialisation du Projet AMPIANA